Mari-dalana

Takela-pifandraisana sy fiofanana hoan'ny mpanabe sy tompon'andraikitra Skoto « Tomima sy Oriman'i Madagasikara »
Hanompo an'Andriamanitra - Hiasa hoan'ny Tanindrazana sy ny mpiara-belona – Hanoa ny Fitsipiky ny Tomima sy

8

Gazety Volana Janoary 2007

1907 - 2007
Feno 100 taona ny Scoutisme !

Tsy mbola nahita na naheno fomba sy fiainana tsara tahaka ity scoutisme ity aho!

Efa mba hitako ihany ny fikambanana maro, tahaka ny klioba fanatanjahan-tena, ny fikambanana sosialy, efa niainako koa ny fikambanana politika , tao koa ny sendikaly, samy manana ny tanjony sy ny fomba fiasany avokoa izy ireny, ary tsy misy ratsy na iray aza ireo tanjona kendreny fa samy tsara sy mendri-kaja avokoa,

Kanefa tsy misy fomba hitako ho mahomby sy tsara tahaka ny skotisma; antsitra-po no idirana ao, ny fandaminana rehetra dia toa hamarinin'ny zava-misy aty aoriana,

Iza moa no nanam-po fa ny fomba fanabeazana scout dia hamoaka olom-banona sy olo-malaza maro aty aoriana! Kanefa izy samy tanora ihany no mifampitaiza ao?

Vitsy amin'ireo mpitondra fikambanana, mpitondra fiangonana, mpitondra firenena, mantsy no tsy nandalo skoto, fa saiky tao avokoa no nanombohan'izy ireny nanaja mpitondra , hankatoa ny teny nomena , ary nandray andraikitra hanampy ny hafa!

Tao amin'ny scoutisme no nahafantarako fa tsy arakaraky ny taona anananana akory no mampahomby ny olona , fa ny fahavononana sy ny fandavan-tena, ary ny fanekena fa misy zavatra azo ianarana sy azo andraisana lesona mandrakariva ity fiainana ity !

Tato amin'ny scoutisme no nahatsapako fa napetrak' Andriamanitra eto isika, nametrahany fitokisana na dia tsy manana traik'efa sy vahiny @ ity tontolo ity aza, handray andraikitra sy hitaiza tena , mba ho tia ny hafa , ho sambatra mandrakariva , ary ho velona mandrakizay !

Fa manana adidy tokoa isika dia ny hanompo Azy, ny ho tia ny namantsika, ary ny hitandrina ny tenantsika; izany moa dia mitovy amin'ny fototra ijoroan'ny skotisma rahateo,

Zato taona izay no lasa, tsara tokoa ny vokatra, kanefa mbola be ny asa miandry. Tsy eto akory no fitsaharana !

Lasy Fiofanana Andohamandry 2006

Hafakely iny !

Vita soa amantsara tamin'ny Zoma 29 Desambra teo ny lasy fiofanana izay natrehan'ny Zoky skoto teto anivon'ny T.O.M,

Vao maraina ny alahady 24 desambra ,tao amin'ny Foibe, tamin'ny 5 ora dia efa indreo feno tanora , efa manao fanamiana ara-dalàna. Mivonona sy miomankomana fa handeha hilasy hono, any amin'ny 30 km miala ny renivohitra anefa no haleha. Dia antongotra no natao, ary tamin'ny fifaliana sy herim-po tokoa no nanaovana ny dia, andeha hiofana indray mantsy fa Zoky e….

Nanintsy teo anosibe ny lalana, nahazo an'I tanjombato, namaky an'lavoloha, nandalo an'Amboajombe, ary teo ambatofotsy no niato kely nahandro sakafo atoandro, Tapitra ny ora iray, indreny fa nizotra nihazo an' Andramasina, tsy niditra tany anefa fa niakatra tendrombohitra iray, teo andohamandry, Mideza izany raha fiakarana ! tao no naorina ny lasy!

Henjana ny fifehezana, kanefa nilamina tokoa raha ny fandaminana, Nizara sokajin-dasy efatra mantsy ny mpilasy , izay nahitana ny sampana Mavo, ny Maitso, ny Mena, ary ny Bekotro.

Vao nanomboka anefa ny lasy dia nirotsaka soa amantsara ny orana, tsy nisy niala maina tamin'izay.ny fa dia samy nahazo ny anjarany avokoa, Tsy miato anefa ny fianarana sy ny fiofanana fa dia miroso ihany, efa vita kalamina iray volana mialoha ihany koa ny programa sy ny lesona hatao rehetra , ka na misy orana , na tsy misy orana, Dia arosondr'izareo Filoha foana ny fiofanana.

Niisa 75 isa teo ho eo ny Zoky tonga nilasy sy niofana ;

Nanamarika iny lasy fiofanana iny ny fisian'ireo Skoto vaovao, avy any amin'ny faritany Toliary , sy ny avy ao amin'ny faritra Morondava, ny avy ao amin'ny fiangonana Ankeniheny, Ambohimangakely, ambohimanga, sns, ireto farany ireto moa dia sampana skoto vao hitsangana.

Nandalo namangy ny mpiofana daholo ny hatsiaka , ny hafanana, ny orana, ny tsy fisian-kanina, sns fa saingy indrisy! …Tsy nety nitsoaka ireo mpilasy fa dia niaritra nilasy.

Ankoatr'ireo sokajin-dasy efa mahazatra, dia nahafinaritra ihany koa ny nahita ny "Bekotro maro olatra", izay tsy iza tsy akory fa ireo zoky efa tranainy sy efa nahavita ny ambaratonga telo amin'ny fiofanana maha Zoky. Nisy tamin'izy ireo no nantsoina nanampy ny Filoha mpampiofana ny lasy, ny ambiny kosa dia nanao ny asa "Mpanao Gazety", ary tsara ho tadidy fa izay vao nisy "Gazety" tany an-dasy, gazety mivoaka isan'andro io ary nampitondraina ny anarana hoe "Ny lasintsika"; laharana efatra no nivoaka nandritra iny lasy. Eto izahay dia manararaotra mamporisika anareo hitahiry ireny gazety ireny fa ho "sarobidy" ireny any aoriana any !

Tsy azo odiantsi-hita ny fanampian'ireo Komity Mpiahy tamin'iny lasy iny indrindra fa ny filoha nasionalin'ny Komity Mpiahy , ny loh Olivier Ratsimizao, Nanampy tamin'ny fitaterana ny entana izy ireo, ary koa nanampy tamin'ny famatsiana ireo Zoky avy any amin'ny faritany , ny komity Rakotomalala aza tafakatra tao an-dasy, rehefa avy nananika ny tendrombohitra nilasiana, toa izany koa ny filohan'ny Ray amandrenin'ny skoto ao lavoloha, misaotra Komity a!

Ankoatry ny tarazo maro samihafa fanaon'ny skoto , dia nisy ireo lalao alina (jeux de nuit) izay nifanafihan'ny sampana maitso sy mena, na dia efa nifanarahana mialoha aza ny "fitsipiky ny ady" dia tsy naharo ny mpanao gazety tsy ho lasa takalon'aina izany ! …raisim-potsiny e!

Ny lalao nataon'ny sampana mavo moa dia tsy nifarana raha tsy tamin'ny roa maraina, nody mpamosavy ve? asa lahy! Asa… vavy !

Tsara tokoa iny lasy iny, na tamin'ny hatsaran'ny fiofanana, na tamin'ny fisian'ny lay marobe (isaorana ny filoha Eva), ary koa ny fisian'ny fananganana fanefa Malagasy; izay vao

mba nisy “ry tanindrazanay malala” tany amin’ny lasy skoto TOM. Alleluia !

Nisy ireo zoky nahatafita soa amantsara ny fiofanana, ka nahazo ambaratonga ambonimbony kokoa misy koa ireo mila mamerina ny lasiny, kanefa fomban’ny lasy ihany izany fa tsy asiana alahelo !

Raha natao tamin’ny zoma alina ny famaranana ofisialy, dia tao amin’ny fiangonana Ambalavao Ambatofotsy kosa no naira-nivavaka ny rehetra ny Sabata 30 Desambra! Nanao izay ho afany tamin’ny fandraisana ireo skoto moa ny fiangonana tao antoerana, ary tonga nitsena ireo mpilasy ihany koa ny Komity Mpiahy sy ireo ankohonana vitsivitsy…

Vao nigadona ny tamin’ny roa ora hariva anefa dia , nitodi-doha niverina aty Antananarivo ny mpilasy, ary tahaka ny mahazatra dia “dia antongotra ihany no natao” hatreo ambatofotsy. Hita fa feno fifaliana tokoa ny mpilasy , tsy nahasakana ny hafa tsy hirotsa-dranomaso anefa izany , mitsiky ny tarehy, nefa mifendrofendro ny ao am-po satria .. …hisaraka indray ! …Veloma Zoky a! @ herintaona indray fa veloma ny aina !

Filoha Andry

VATSIM-PANAHY

« Jaona 13 :7 »

Misy zavatra mitranga izay tsy azon’ny sain’ise ekena mihintsy ny fisehony , mety hisy fifanomezan-tsiny mihintsy aza kanefa aty aoriana dia hitan’ise fa Andriamanitra mihintsy no nandahatra izany, mety tsy hanaiky isika ,kanefa ho menatra indray raha sanatria ka aty aoriana vao miaiky, tsy aleo ekena dieny izano izay fandaminana sy izay sitrapon’Andriamitra mitranga eo amin’ny fiainantsika ? sa aleo menatra… ?

« Be ny vokatra fa ny Mpiasa no vitsy »

NISY EFATRA INDRAY NO NIAKATRA HO FILOHA MPANAMPY

ao amin’ny Ekipa Nasionaly

Akory no hatairan’ireo tsy nanam-po , ary koa ny hafalian’ny ekipa nasioanaly fa misy zoky efatra indray no tonga FILOHA hanampy ny Ekipa nasionaly,

Tsy zavatra mahagaga anefa izany ato amin’ny scoutisme fa nohon’ny fanajana ny “methode scoute” ihany izay mibaiko ny tokony hisian’ny “fivoaran’ny tsirairay”; marihina fa tsy ny fizokiana tsy akory no ambaratonga farany ambony ato amin’ny scoutisme TOM fa mbola misy ireo ambaratonga maro tokony handalovana sy atrehana rehefa Zoky, misy amin’izy ireny aza no mbola tsy ampiharina satria tsy mbola misy olona “mahafeno ny fepetra” amin’izany, fa miandry ny fandrosoan’ireo Zoky ireo isika.

Rehefa misy tinaiza mavo miakatra ho maintso ,dia malahelo ny mpiara-milalao , tahak’izany koa ny tinaiza maitso miakatra mena, malahelo ny fo mpiara-mihira, ny sampana mena lasa zoky moa dia aoka fotsiny ! ary dia tsy afa-miala amin’izany ny Zoky rehefa misy lasa miakatra ho Filoha fa dia hita soritra mazava eny ny alahelo, kanefa atao ahoana moa r’ise fa tsy maintsy hajaina ny “fivoaran’ny olona tsirairay” ary dia tsy maintsy omena fitokisana ny tanora satria izany no foto-pisainana voizintsika no sady maha skoto antsika;

Ireto avy ary ireo Zoky Niakatra ho Filoha tamin’ity lasy fiofanana 2006 ity:

- **ZK Emisa** (Sabotsy Namehana) lasa Filoha Mpanampy Sampana Mavo
- **ZK Sylvie** (Itaosy) lasa filoha Mpanampy Sampana Maitso
- **TN Seheno** (Ambohidratrimo) lasa filoha Mpanampy Sampana Maitso
- **TN Eva** (Itaosy) lasa filoha Mpanampy Sampana Mena

Marihina moa fa avy tao amin’ny vondron’ny Bekotro maro olatra vokoa ireo niakatra ireo, ary ny mahagaga dia tsy mba nisy lehilahy mihintsy! Noho izany dia mila manezaka isika ry Bekotro lahy !

Dia manantena fiaraha-miasa sy toetra skoto avy aminareo filoha vaovao ireo ary izahay ato amin’ny Ekipa Nasionaly, ary mirary anareo ho tojo izay tanjona katsahinareo , na ara-nofo na ara-panahy !

Ny ekipa Nasionaly koa moa mihena antoerana satria mitombo ny adidin’ireo mpikambana, ao ny mikarakara token-trano , ao ireo variana amin’ny andraikitra hafa, adidy daholo izany e!

ka hanome aina vaovao ny ekipa izao fiakaran’ny zandry izao, Tonga soa ary ry filoha isany ! ary aza hadino fa mivory isaky ny alahady maraina fahatelon’ny volana isika Ekipa Nasionaly.

Tanana havia !

TSY MBOLA NISY FIOFANANA HOAN’NY KOMITY MPIAHY

Lesona iray nahasarika ny rehetra ihany koa nandritra iny lasy iny ny fanazavana ny rafitra skoto TOM, ny andraikitry ny zoky sy ny komity mpiahy isam-pivondronana

Tsapa mantsy fa misy ny olana izay sedrain’ireo zoky mpanabe amin’ny fiaraha-miasa amin’ny Komity Mpiahy isam-pivondronana, Ny olana moa dia nohon’ny tsy fahalalàn’iretsy farany tsara ny rafitra skoto, hany ka ny hafanam-po no mibaiko.

Tsara anefa ny manamarika fa ny nanaganana ny Komity Mpiahy dia ho fikambanan’ny ray amandreny ary mijoro ho mpanohana ny fivondronana, fa tsy natao hifehy ny ekipa mpanabe akory na hisolo ny zoky amin’ny andraikiny, izany moa dia vokatry ny hafanam-po sy fitiavana ihany ka tsy ifanomezantsiny

Ekena tokoa fa tsy mbola nisy drafim-piofanana maty paika hoan’ny komity mpiahy hatramin’izao hany ka manao izay heveriny fa mety sy azony atao fotsiny izy ireo eo anivon’ny skoto, tahaka ny asan’ny komity any amin’ny sampana hafa ihany no ataony,

Hafakely anefa ny sampana Scout fa tsy tahaka ny sampana rehetra ary raha sitrapon’Andriamanitra dia hisy boky izay hatonta hoantsika Komity mpiahy,

Ny angatahana amintsika Zoky sy Tonia izay mahalala tsara izany fizarana andraikitra izany dia ny handefitra lalandava , mandra-pahatonga io boky io any @ Komity mpiahy isam-pivondronana,

Amin’izay fotoana izay dia hitovy ny tadin-donkanga, ka ho tanteraka ilay teninay fahazaza fony nianatra namaky teny sy manoratra tao @ boky “lala sy Noro” manao hoe ***“ lanao mahalala , izaho tsy atoro, fa samy efa namaky ny “Lala sy Noro”*** ,

Ary dia tsy hisy ho lanin’ny “Tigra” intsony isika* fa mba samy efa namaky ny boky daholo ! ,

koa mandefera aloha Tonia a!

Gazety MARI-DALANA

Mpiandraikitra : Filoha Andry (RAMAMBASON Andrilaza)
Tel : 03314 764 43 – mailaka : razokilaz@yahoo.fr
EKIPA NASIONALY TOMIMA SY ORIMA M/kara